# FANDAHARAM-POTOANA

- FIDIRANA
- Mpitarika . Pasteur William RAKOTOBE
- "FANDRAISANA **sy FIARAHABANA**"
- Salamo 122 : 1-4
- Hira "Tiako ny hiaraka aminao Jesoa"
- Vavaka Fiderana

- Fifonana Père Jean Luc RAMAROLAHY
- Famelan-keloka
- Fangatahana
- Hira "Izany teninao"

- Vakiteny 1°- Sal 133 :1-3 F.L.M.
  2°- IKor 12 :12-26 Pasteur Samuel ANDRIEUX
  3°- Jao 13 :33-35 E.C.A.R

Hira "Endrey mba mahafinaritra loatra"

- TORITENY Pasteur Masitera RAKOTO
- Fiekem-pinoana

- FANAZAVANA FOHY Pasteur Sacha RATIANARIVOSON
- Hira "Andriamanitra ô ! "
- RANOM-BAVAKA
- « VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO »

- Hira "Miara-mizotra isika ho any…"
- RAKITRA

- TENY FISAORANA Ny Raiamandreny Maurile « ECAR »

- Hira « Fitiavana ranovelona » (Mifandray tànana)
- TSO-DRANO

Mandeha mialoha ny Mpisorona sy izay rehetra nandray anjara handray tànana ny olona rehetra ery am-baravarana.

Ho an'Andrimanitra irery ny voninahitra !

**Salamo 122 1-4** *« Iarahan'ny rehetra mamaky »*

Faly aho, raha hoy izy ireo tamiko : andeha isika ho any an-tranon'i Jehovah. Ny tongotray efa mijoro eo anatin'ny vavahadinao, ry Jerosalema ô ! Dia hianao, ry Jerosalema izay efa vita tahaka ny tanàna efa voalamina tsara.
Any no hiakaran'ny firenena, dia ireo firenen'i Jehovah, mba hisaotra ny Anaran'i Jehovah.

## TIAKO NY HIARAKA AMINAO JESOA

Tiako ny hiaraka Aminao Jesoa na aiza na aiza hitondranao ahy
Tiako ny hiaraka Aminao Jesoa fa Hianao no miantso ahy

1- Hiaraka Aminao aho ry Jesoa Tompoko
Tsy manana olon-kafa fa Hianao no fiainako
Hanara-dia Anao izay no faniriako hifikitra Aminao aho Jesoa

2- Hiaraka Aminao aho ry Jesoa Tompoko
Hitory teny soa amin'ireo havako
Hanara-dia Anao izay no faniriako hanohy ny Asanao aho Jesoa

3- Hiaraka Aminao aho ry Jesoa Tompoko
Ho zary famonjena anie ny fahoriako
Hanara-dia Anao izay no faniriako hifantsika Aminao aho Jesoa

## IZANY TENINAO RY TOMPO

Izany teninao ry Tompo hazavana izay manilo ny vahoaka mino Anao
Ka nanafaka azy hiala anaty aizina nandrakotra an'izao tontolo izao
Koa enga anie mba hino izahay mba handraisanay ny teninao
Hianao no sitrak'Andriamanitra ho làlam-pamonjena izay izoranay

Izany teninao ry Tompo tena hery itokisan'ireo izay manantena Anao
Na ho levona aza izao tontolo izao ny teninao tsy miova fa nandresy Hianao
Koa enga anie ahatoky Anao izahay hitazonanay ny teninao
Fa Hianao no sitrak'Andriamanitra ho fahamarinana izay hianteheranay

Izany teninao ry Tompo tena aina ivoloman'ny vahoaka tianao
Nositraninao ny rofy rehetra, ireo izay nodimandry dia natsanganao
Koa enga anie mba ho tianao izahay, ho sakafonay ny teninao
Fa Hianao no sitrak'Andriamanitra ho aina ivelomanay mandrakizay

## ENDREY MBA MAHAFINARITRA LOATRA

Endrey mba mahafinaritra loatra Izany mpianakavy
Anatin'ny fifankatiavana Miara-monina

1- Fa toy ny emboka manitra an-tranonao ry Ray
Izany fifankatiavana firaisan-kina re

2- Fa toy ny andon'ny lanitra an-tendrom-bohitra
Izany fifankatiavana firaisan-kina re

3- Fa voa tso-dranon'ny lanitra arovan'ny Ray
Izany fifankatiavana firaisan-kina re

4- Fa sambasamba ny lanitra onenanao ry Ray
Izany fifankatiavana firaisan-kina re

## ANDRIAMANITRA ô !

Andriamanitra ô, Andriamanitra ô ! miantso Anao aho te-hihaona aminao

1- Hatramin'ny maraina no iantsoako Anao, mangetaheta Anao zany fanahiko

2- Ny tany karakaina omeo orana, ny foko mitaraina fa te-hahita Anao

3-Iriko anie ry Tompo ny ho eo anilanao hibanjina isan'andro ny voninahitrao

4-Ny tara-masoandro andrasan'ny maraina, manohatra izany ny fiandrasako Anao

5- Ny aina ety an-tany efa ankafizinay, fa mamy noho izany ny hatsaram-ponao

6- Fa hianao no aina amelombelona ahy, fa Hianao ry Ray ô, no hasambarako

## MIARA-MIZOTRA

Miara-mizotra isika ho any, Jerosalema vaoavao
Ka tsy hisara-mianakavy fa hifanatri-tava amin'ny Ray, mandrakaizay

1- Izao no ho tonga any am-parany any ny voninahitra misy ny Tompontsika
Hanerinerina ambony havoana, ho sangan'ireo tendrom-bohitra avo

2- Hirohotra ho any ny firenena, hanao ranolava hifampitaona
Andeha isika hiakatra ny tanàna, fonenan'Andriamanitr'I Jakoba

## FITIAVANA RANOVELONA

1- Fitiavana ranovelona, ranovelona loharano lalina
Ka mihafina ao anatiny ny fiainan-danitra

2- Fitiavana no nirahina, no nirahina avy tamin-Jehovah
O, mba raisonao dia ho fantatrao ny fahasambarana

3- Fitiavana didy tokana, didy tokana ary didy lehibe
Mitoera ao hitoeranao amim-piadanam-be

Fiombonan'ny Kristiana Malagasy eto La Réunion

« Communauté Chrétienne Malgache à La Réunion »

# Fiaraha-mivavaky ny

# Kristiana malagasy eto La Réunion

Noho ny herinandro
Fiaraha-mivavaky ny
Kristiana eran-tany

Alahady 28 Janvier 2007

amin'ny 3 ora tolakandro

Église Saint Jacques – St Denis

*« Mba ho iray ihany izy rehetra… »*
Jao 17 : 21